FOMBA FAHAZOANA RANO FISOTRO MADIO

TRAITEMENT A DOMICILE DE L'EAU

Zoky lahy	Kely sisa isika dia ho tonga razandry a! Asa zao na ahatratra olona ihany	**Grand frère**	On va bientôt arriver petite sœur! J'espère qu'il y a quelqu'un
Zandry vavy	Sady efa iry manangasanaga iry ny tanàna misy an'iry dadatoa, izaho koa izany efa tena mangetaheta be mihitsy	**Petite sœur**	C'est leur village que l'on voit de loin là! j'ai hâte d'arriver, j'ai tellement soif,
Zoky lahy	misy olona ao ka jereo fa mivoha ny trano dondonmy zandry a	**Grand frère**	On dirait qu'il y a quelqu'un dans la maison, regarde, c'est ouvert!
Zandry vavy	aody dadatoa a!	**Petite sœur**	Toc toc toc….
Dadatoa	mandrosoa oh!	**Oncle**	Entrez!
Zoky lahy	Salama tsara ve dadatoa	**Grand frère**	Tu vas bien mon oncle?
Dadatoa	Salama rankizy a. Inona izato vaovao ? Ela ianareo izany vao nandalo a !	**Oncle**	Je vais très bien les enfants. Quelles sont les nouvelles ? Ça fait longtemps que vous n'êtes pas passé me voir !
Zoky lahy	Henonay ohatran'ny tsy salama lay zanak'I dadaoa faravavy dia tonga izahay itsidika	**Grand frère**	Nous avons entendu que votre fille cadette n'est pas en bonne santé, alors nous sommes venus la rendre visite.
Dadatoa	Efa salama tsara izy io fa vao avy nangalako fanafody mihitsy e !	**Oncle**	Elle va très bien maintenant, je viens de l'emmener chez le médecin.
Zandry vavy	Sao mba misy rano azo sotroina ao ry dadatoa fa izaho izany efa tena mangetaheta be mihitsy	**Petite sœur**	Est ce que vous avez de l'eau de boisson mon oncle? J'ai tellement soif.
Zoky lahy	Ao fa angalako vetivety ary e! sady misy rano vao avy nalaiko mihitsy ao, tary amin'ilay fatsakan-tsika taloha tary mihitsy. Ity ary e	**Grand frère**	Je vais chercher pour toi l'eau que je viens tout juste de ramener de notre point d'eau traditionnel Tiens !
Zandry vavy	Mbola tary amin'lay fatsakana taloha be tary iany ve? Tena miala tsiny zaho rydadatoa fa tsy afaka misotro an'ity rano ity	**Petite soeur**	Ça provient encore de l'ancien point traditionnel ! Je suis vraiment désolé mon oncle, je ne peux pas boire cette eau.
Zoky lahy	Fa hono hoy aho, inona marina no tena antony?	**Grand frère**	Mais pour quelles raisons ?
Zandry vavy	Ny antony dia tsotra, tsy azo antoka sady tsy ara pahasalamana, raha jerena manko io rano io dia tena madio nefa feno loto ao anatiny ao izay tsy hitan'ny masontsika. Zao loto rehetra izao dia mianjera any daholo	**Petite sœur**	Tout simplement, parce que sa qualité n'est pas assurée. Elle peut paraitre claire, pourtant, il y a beaucoup de microbes et de saletés qui sont invisibles à l'œil. Toutes sortes de saletés y sont déversées.
Zoky lahy	Fa toy ny ahoana izany rano ara pahasalamana izany?	**Grand frère**	Comment peut-on alors faire pour avoir de l'eau potable ?
Dadatoa	Aleo azavaiko amin'ny dadatoa ny atao hoe rano ara pahasalamana, rano madio na rano voakajy, ny fomba ahazoana izany ohatra dia amin'ny alàlan'ny fampiasana sur'eau pile, itan'ny dadatoa ity sur'eau pile ity, misy roapolo izao anatin'ity	**Oncle**	Mon oncle, je vais t'expliquer ce qu'est une eau potable, c'est de l'eau propre et bien conservée. On peut l'obtenir par exemple par utilisation de sur'eau. Tu vois cette pilule de sur'eau, il y a 20 pilules dans un emballage.

	fonosana ity. Io rano avy nalain'ny dadatoa io izao tatavanina @ lamba madio dia asiana sur'eau iray fotsiny. Marihiko tsara fa 20 litatra ny rano ho an'ito sur'eau pile iray ito. Avy eo ahotsakotsoana dia avela ipetraka atsasak'adiny, avy eo azo ampiasaina avy hatrany ny rano ary tonga dia azo sotroina fa voadio izy zay.		Cette eau que tu viens de prendre, tu la fais passer sur un linge bien propre, tu ajoutes ensuite une pilule de sur'eau seulement. Une pilule est appropriée pour 20 l d'eau. Ensuite, tu remues bien, et tu laisses reposer pendant 30 mn, voilà, l'eau est maintenant potable, tu peux la boire directement.
Zoky lahy	Izany!	**Grand frère**	Ah bon!
Zandry vavy	Ankoatr'izay, ity misy fomba tsotra sady haingana ahazoana rano madio! Ampangotrahana ny rano vao sotroina, izany hoe mampangotraka rano betsaka ianao atao rano fisotro. Toy izao ny fikajiana azy: avy ampangotrahana lay rano dia ampangatsiahana tsara ary saromana tsara mba tsy hidiran'ny loto, dia azo sotroina foana iny rano iny.	**Petite sœur**	A part cela, il y a aussi une autre manière très simple! Tu fais bouillir l'eau avant de la boire, c'est-à-dire que tu fais bouillir une quantité suffisante qui te servira d'eau de boisson. Pour la conservation : après ébullition, tu laisses refroidir l'eau et tu la couvres bien pour éviter que la pénétration des microbes, et tu peux boire cette eau à tout moment.
Zoky lahy	Rehefa tena tsy araka izany ny mampiasa an'ilay sur'eau pile dia ampangotrahana ny rano. Ary hono hoy aho, aiza no ahitana io sur'eau pile io?	**Grand frère**	Quand on ne parvient pas à utiliser les pilules de sur'eau, on peut donc faire bouillir l'eau. Mais, où est ce qu'on peut trouver ce sur'eau ?
Dadatoa	Betsaka no ahitantsika azy io! ohatra eny amin'ny sampandraharaha ny rano anivon'ny commune, eny amin'ny mpanentana ara-pahasalamana, na eny amin'ny tobi pahasalamana mihitsy ihany koa. Fa raha toa andry zareo eny andafy andrefana zao efa manana pompe izy, tsy mila manao an'izany intsony, ny rano amin'ireny efa madio sy azo antoka	**Oncle**	Il y a plusieurs possibilités, par exemple, au niveau du service technique de l'eau de la commune, chez l'agent communautaire de santé, ou dans les centres de santé même. Mais pour vos voisins qui se trouvent dans le village à côté, ils possèdent une borne fontaine, ils n'ont plus besoin de faire cela, l'eau du robinet est déjà potable et sans risque.
Zoky lahy	Inona moa izany no tena tombotsoa amin'lay rano voadio?	**Grand frère**	Quelles sont les avantages de l'eau potable ?
Zandry vavy	Ny tombotsoa amin'ny fampiasana rano fisotro madio dia manampy amin'ny fisorohana ny areti-pivalanana, indrindra fa ho an'ireny ankizy mbola marefo ireny	**Petite sœur**	Les avantages de l'utilisation de l'eau potable sont : elle contribue à prévenir les maladies diarrhéiques, surtout pour les enfants qui sont vulnérables.
Zoky lahy	Manomboka izao izany dia ampianariko nenitoa anareo mba hampiasa an'ilay sur'eau pile, satria sur'eau pile iray fotsiny dia manadio rano iray bidon 20 litatra. Rehefa tena tsy araka ny mampiasa azy dia ampangotrahana ny rano dia ampangatsiahina dia akajiana tsara, zay vao azo sotroina avy hatrany, Sady ny rano anie ry dadatoa ka tena aina, noho izany mila madio tsara izy io vao sotroina, mety izany izao no nampaharary an'io zazakely io,	**Grand frère**	A compter d'aujourd'hui, je vais apprendre à votre tante comment utiliser les pilules de sur'eau, car une seul pilule de sur'eau suffit pour traiter un bidon de 20l. Quand on ne parvient pas à l'utiliser, on fait bouillir l'eau et on la conserve bien, et on peut la boire directement. L'eau est vraiment la vie, d'où l'importance de sa qualité avant de le boire, c'est peut-être pour cette raison que votre enfant a été malade.
Zandry vavy	Marina mihitsy izany, mety izany mihitsy izao no namparary kibo an'io zanakareo io	**Petite sœur**	C'est probablement l'eau qui a entraîné la diarrhée de votre enfant.

	Amin’ny manaraka ry dadaota, tena kajio tsara ny rano, tena aina anie io rano io e		La prochaine fois, traitez et bien conservez l’eau, l’eau est vraiment la vie.
Dadatoa	Misaotra rankizy tamin’ny toro hevitra ! Misaotra e	**Oncle**	Merci pour ces conseils les enfants